Mpaminany Iray Teramena

Ankehitriny dia enga anie ny Tompo hanampy ny Fitahiany amin'ny lohahevitra hoe: *Mpaminany Iray Teramena*.

2 Aninkeo maraina isika dia nifantoka betsaka tokoa teo amin'ny mpaminany iray izay nanao akanjo tonta iray. Ary fantatsika izao hariva izao, hatramin'ilay Soratra, aninkeo maraina, fa ny tenantsika dia mitondra akanjo tonta iray. Isika . . . ilay akanjo. Ary tena faly aho fa akanjo tonta iray ilay izy, satria ity akanjo izay anaovantsika ankehitriny ity dia efa nisain'Andriamanitra ho fahamarinana, tamin'ny alàlan'i Kristy Jesosy. Ary isika dia tsy mitondra akanjo lanin'ny koroka an'ny teolojian'olona iray izay efa nohanin'ny koroka sy angely, sy ny sisa, milaza fa, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana, ary tsy misy izany karazan-javatra toy ny hoe ny—ny Fanahy Masina manerana izany ankehitriny." Fa manao akanjo iray an'ny Fahamarinany isika.

3 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Tsy amin'ny fahaizantsika manokana, fa amin'ny—ny fahaizan'ny Jesosy Tompontsika.

4 Ary rehefa tonga eo amin'ny Jordana aho, dia te-hanao ny Akanjony, matoky Azy. Ary ilay aloky ny vavahady lehibe izay mipetraka eo anoloantsika rehetra, antsoina hoe "fahafatesana," isaky ny midoboka ny fontsika, dia manao fidoboka iray manakaiky kokoa an'io elanelana lehibe izay tsy maintsy handalovan'ny lehilahy sy vehivavy rehetra io isika. Ary rehefa tonga eo amin'io elanelana io aho, miaraka aminareo mpino, dia tena faly aho ny mahafantatra fa tsy mandeha eo miaraka amin'ity ao am-poko sy ny saiko, hoe nahavita zavatra lehibe aho. Mandeha aho, miaiky sy mahafantatra fa mpanota iray aho, ary mahafantatra an'ity, hoe, te-handrakotra ny tenako ao amin'ireo akanjon'ny Fahamarinany aho; miaraka amin'ity fanambarana ity, hoe, "Mahafantatra Azy ao amin'ny herin'ny Fitsanganany aho." Ka, rehefa miantso avy amin'ny maty Izy, dia te-hivoaka aho.

5 Ankehitriny, ny tantara sy tantara an-tsehatra antsika dia mipetraka izao hariva izao ho an'ny lahatenintsika, mikasika ny andro hafa iray tao Isiraely, izay teo amin'ny an-jato taonany maro taorian'ny—ny andron'i Elia. Ambony-sy-ambany marobe no tonga tao amin'ny fanjakan'ny Isiraely. Ary ankehitriny isika dia eo amin'ny tantara izao hariva izao . . .

6 Aninkeo maraina isika dia teo amin'ny tantara izay nisian'ny fakan-tahaka ara-nofo betsaka, ahoana fa ilay sekolin'ny mpaminany tany dia nanofana mba ho mpaminany. Ary tsotra toy ny ahoana izy ireo, hany ka tsy afaka

nahazo ny herin'Andriamanitra akory aza izy ireo. Nihevitra izy ireo fa nanainga an'i Elia ilay hery ka nanipy azy teny amin'ny tendrombohitra tany ho any, ka naniraka tarika mpikaroka iray izy ireo hitady azy. Nefa, Elisa dia nahafantatra, tsara mihitsy, fa Andriamanitra no nitondra azy ho any amin'ny Voninahitra. Satria, tsy teo izy. Andriamanitra no nitondra azy, ary afaka tamin'ny fahafatesana tamin'ny fandehanana any an-Trano nankany amin'Andriamanitra izy, teo ambonin'ny kalesy Afo iray sy soavaly Afo. Ary avy eo dia hitantsika fa tsy nety ireo seminerany sy ireo asan'ny teolojiany manokana. Nila fifidianana sy antson'Andriamanitra ny fanaovana mpaminanin'Andriamanitra iray.

7 Ary ankehitriny, izao hariva izao, dia mahita an'ny Isiraely ao amin'ny toeran'ny fiverenan-dàlana iray isika. Nanana ny ambony-sy-ambaniny Isiraely. Tena tandindona iray an'ny fiangonana amin'izao andro izao mihitsy izany. Amin'ny fotoana iray izy ireo dia eny an-tampon-trano, ny fotoana manaraka dia eny an-dohasaha izy ireo. Izany no ilaina mba hanao antsika hankasitraka ny zavatra tsara. Misy ilay antsoin'izy ireo hoe lalàn'ny fifanoherana.

8 Ilay lehilahy maintin'i Afrika dia tsy nahafantatra mihitsy hoe mainty izy, ny hodiny, raha tsy efa nahita an'i David Livingston izy. Ary nilaza izy . . . Tamin'izay fotoana izay vao fantany fa mainty ny hodiny, satria fotsy ny an'i Livingston. Fifanoherana iray izany.

9 Tsy ho fantatrareo mihitsy hoe ahoana no ankasitrahana andro iray raha tsy nanana alina iray ianareo. Tsy ho fantatrareo mihitsy hoe ahoana no ankasitrahana ny andro mihiratra raha tsy nanana andro feno rahona iray ianareo. Tsy ho fantatrareo mihitsy hoe ahoana no ankasitrahana ny fahamarinana, raha tsy nanana tsi-fahamarinana iray ianareo. Tsy ho fantatrareo mihitsy hoe ahoana no ankasitrahana fahasalamana tsara, raha tsy efa nanana fahasalamana maharikoriko iray ianareo, fahasalamana ratsy iray. Ilay izy fotsiny dia ireo . . .

10 Ary izany no antony iheverako fa hankasitraka betsaka tokoa ny Lanitra isika, satria efa niaina indray mandeha teto an-tany isika. Ary heveriko fa ny lalàn'ny fifanoherana . . . Ny antony ankasitrahantsika betsaka tokoa ny Fanahy Masina, izao hariva izao, dia satria niaina ela loatra tao amin'ny fiangonana iray isika izay niteny tamintsika fa tsy nisy ny karazan-javatra iray tahaka an'izany. Ny antony ankasitrahantsika an'izany, izao hariva izao, dia satria efa nanana an'ilay ilany hafa isika. Ary tahaka an'izany no nikasan'Andriamanitra haha-izy azy, satria efa nanana an'ireo ambony-sy-ambaniny ny Olony. Tsy fantatrareo mihitsy hoe ahoana no ankasitrahana tampon-tendrombohitra iray, raha tsy efa teny amin'ny lohasaha ianareo. Ary, noho izany, tsy fantatrareo mihitsy hoe ahoana no ankasitrahana rano tsara raha tsy efa nisotro rano ratsy iray

ianareo indray mandeha. Ary noho izany ianareo—ianareo . . . Hatramin'izay mihitsy, dia lalàn'ny fifanoherana iray ilay izy.

11 Ankehitriny, dia tao amin'ny iray tamin'ireo toeran'ny fiverenan-dàlany Isiraely, ary zavatra iray toy ny inona no nataon'izy ireo!

12 Ankehitriny, Isiraely dia vahoaka iray nofidiana, voafidy, voafantina, fa Andriamanitra dia nifidy an'ny Isiraely ho an'ny tanjona manokana iray, mba hahatonga ny ràn'ny Isiraely ho ny korian-drà madio indrindra, satria avy amin'io laharan-taranaka io no hivoahan'ny Mesia Izy tenany.

13 Nanerana ny Testamenta Taloha rehetra, dia niseho tao anatin'ny olona Andriamanitra. Niseho tao anatin'i Abrahama Andriamanitra, amin'ny maha-mpinon'ny finoana iray. Niseho tao anatin'i Davida Andriamanitra, amin'ny maha-mpanjaka iray. Niseho tao anatin'i Josefa Izy, amin'ny maha-fahamarinana iray. Niseho tao anatin'i Mosesy Izy, amin'ny maha-mpaminany, mpisorona, mpanome-lalàna. Niseho Izy nanerana an'ireo taona, tao amin'ny mpaminany. Mampahafantatra ny Tenany ao anatin'ny olona foana Izy, amin'ny ampahany, amin'ny alàlan'ny mpaminany, mpanjaka, mpisorona, mpanome-lalàna, sy ny sisa. Fa, tao amin'i Kristy, dia nitoetra tao Aminy Izy, ny fahafenoan'ny maha-Andriamanitra ara-batana, ary mahafantatra fa tsy maintsy hahita toeram-pitsaharana iray io Fanahy io amin'ny farany. Teo amin'i Elia, dia lehilahin'ny fahamarinan'Andriamanitra iray izy. Naneho mazava ny fahamarinan'Andriamanitra izy. Ary, Mosesy, mpanome-lalàna iray izy, hoe na ianareo hankatò tanteraka na ho esorina. Tao amin'ireo zavatra rehetra ireo, no voaseho Andriamanitra. Fa rehefa tonga tamin'i Kristy Izy, dia tanteraka Izy, ilay fahafenoana manontolo an'ny maha-Andriamanitra ara-batana dia nitoetra tao amin'i Kristy.

14 Ary naneho ny Tenany indray mandeha tao amin'ny fahafenoana Andriamanitra, tany aloha. Ao amin'ny Bokin'ny Genesisy, araka ny fanaon'i Melkizedeka hoe, "Izay tsy nanan-dray, tsy nanan-dreny; tsy nanana voalohan'andro, na fiafaran'ny taona, na fiafaram-piainana." Ary Izy dia Mpisorona iray, ny Mpanjakan'i Salema, mpisoron'Andriamanitra, an'Andriamanitra avo indrindra, Izay tsy nanana fiandohana na tsy nanana fiafarana. Izy dia tsy hafa afa-tsy endrika mialoha an'i Jesosy Kristy Tompo. Satria, Izy no Mpanjakan'i Salema, izany hoe Mpanjakan'ny Fiadanana, izany hoe Mpanjakan'i Jerosalema. Ary tao amin'ny endrika mialoha Izy. Na dia i Abrahama patriarka aza dia nandoa ny ampahafolony Taminy. Izy no endrika mialohan'ny fihavian'ny Tompo Jesosy. Ilay Melkizedeka iray ihany izay nihaona tamin'i Abrahama teny amin'ny tany lemaka talohan'ny fandravana an'i Sodoma sy Gomora. Ary—ary nihaona taminy Izy taorian'i Sodoma sy

Gomora, rehefa nandoa Taminy ny ampahafolon'ny nobaboiny rehetra izay nalainy avy tamin'ilay mpanjaka i Abrahama.

15 Ireo zavatra rehetra ireo dia aloka, nanao tandindona an'i Kristy. Ary ankehitriny, ireo aloka rehetra an'ireo olo-masin'ny Testamenta Taloha, ireo ambony-sy-ambaniny, dia aloka sy tandindona, ary ohatra ho antsika amin'izao andro izao.

16 Ankehitriny, hitantsika fa tsy tokony hampifangaro ny fanambadiana i Isiraely. Ny fanambadian'izy ireo dia tsy maintsy eo amin'ny samy izy, tsy misy Isiraelita iray manambady Jentilisa iray mihitsy, fa tsy maintsy mihazona ny korian-dràny madio. Ary na dia hatramin'izao andro izao aza, dia mino aho fa ny korian-drà Jiosy no rà madio indrindra—korian-drà eto amin'ny tavan'ny tany androany, dia ny Jiosy. Mbola miandry an'io Mesia io foana izy ireo. Saingy, Izy... Fantatsika fa efa tonga Izy; ary nohajambaina ny mason'izy ireo, mba ahafahantsika manana anjara fibebahana iray amin'ny alàlan'i Kristy.

17 Ankehitriny, nandritry ny fotoana nanjakan'i Ezra, dia lasa mpiverin-dàlana ny zanak'Isiraely. Nandeha izy ireo ka naka an'ireo vehivavy Moabita, ary naka an'ireo vehivavy avy tamin'ny Amorita izy ireo, ireo Perizita, ary maro tamin'ireo firenen-kafa. Ary tsy nanambady azy ireo fotsiny ihany, fa nanao fijangajangana teo anivon'izy ireo, tsi-fahadiovana, sy nandoto an'ilay tena korian-drà mihitsy, izany hoe ilay koriam-piainana.

18 Ary sary iray toy ny inona izany amin'izao andro izao an'ireo fiangonantsika, ny fomba nahalavoan'izy ireo nanalavitra an'ilay tsipiky ny fetra amin'ny fanao fahiny izay napetrak'Andriamanitra ho an'ny fiangonana. Ireo didy izay tokony hiainantsika, dia nanao fijangajangana tamin'izao tontolo izao ny fiangonana. Niditra tao amin'izao tontolo izao izy, ary nanomboka nisakaiza tamin'izao tontolo izao.

19 Ankehitriny, nahasaikatra be loatra an'ilay mpaminany izany, hany ka, rehefa tonga teo anatrehan'Andriamanitra izy, dia teramena izy teo amin'ny endriny. Vao nandre nikasika an'izany voalohany izy, ary hitany ilay—ilay fahalòvan'ny fitondran-tenan'ny olony, dia nandratra azy mafy tokoa izany hany ka nipetraka izy ary nanosotra ny tenany, nanongotra ny volony sy ny volombavany, ary navesa-po teo anatrehan'ny Tompo, tao amin'ny vavaka. Avy eo rehefa voatolotra ny fanatitra hariva, dia nandeha tao amin'ny tempoly izy ary nandohalika ka teramena teo anatrehan'Andriamanitra, nohon'ny fahotan'ny olona.

20 Ankehitriny, tsy teramena nohon'ny làlambe jaky an'ilay faritry ny mpivarotena izy. Tsy teramena noho ireo mpimamo tampina ao amin'ny lavaky ny helo izy, na dia mety ho tena ratsy aza izany. Fa, teramena izy nohon'ny fahotan'ilay voafidy.

21 Ary ny ilaintsika amin'izao andro izao dia mpaminany vitsivitsy amboniny miaraka amin'Andriamanitra betsaka ao am-pony mba hiteramena eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, nohon'ny fahotan'ny olona izay miantso ny tenany ho vahoakan'Andriamanitra nefa manao ny fomba izay ataon'izy ireo. Fahafaham-baraka iray toy ny inona no nentintsika teo amin'io toerana io! Ireo fitondran-tenan'ny olontsika . . .

22 Tsy lohahevitra iray mora tenenina ity. Afaka mieritreritra zavatra betsaka izay mora tenenina kokoa aho. Saingy, rahalahy, raha tsy misy olona iray mijoro ao amin'ity andro mpanota, mpijangajanga izay iainantsika ity, ka miantso an'ireo loko, dia inona no hitranga? Misy olona iray tokony hiteny an'ilay zavatra. Misy olona iray tokony hametraka an'izany eo anatrehan'ny olona.

Tsy te-hanao an'izany angamba i Ezra, saingy izany no tao am-pony.

23 Ary rehefa mahita mpanompon'Andriamanitra iray tena tso-po ianareo hany ka miankohoka amin'ny tavany miaraka amin'ny tànany miakatra izy, mivavaka amin'Andriamanitra, ary teramena nohon'ny heloky ny olona, amin'izay fotoana izay dia hahita fifohazana iray hanomboka ianareo. Tsy afaka mipetraka eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra ny olona iray, tsy afaka mijanona eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra ny fiangonana iray, eo ambanin'ny fibebahana, raha tsy midina ny Fanahy Masina ka manome hosotra sy hery hanombohana hetsik'Andriamanitra iray ao eo anivon'ireo olona ireo. Tsy maintsy ho izany fotsiny!

24 Anehoy olona iray aho. Anehoy Calvin hafa iray aho, Knox, Finney, Sankey, na ny iray amin'ireo izay mahatsapa ny enta-mavesatry ny olona, izay hipetraka eo amin'ny tavany ka hitaraina sy hivavaka eo anatrehan'Andriamanitra. Andefaso John Smith iray an'ny fiangonana Batista indray izahay, izay nivavaka nandritry ny alina manontolo nohon'ny heloky ny olona, hany ka nivonto nikimpy ny masony ny ampitso maraina, nohon'ny fitomaniana, hany ka ny vadiny no nitarika azy teo amin'ny latabatra sy namahana azy ny sakafo marainany tamin'ny sotro iray. Anehoy John Wesley iray indray aho, tapa-porohana mirehitra iray nendahina avy tao amin'ny afo, dia hasehoko anareo ny fifohazana iray.

25 Ny ataon'izy ireo amin'izao andro izao, dia mikapokapoka ao amin'ny lamosina isika. Isika dia miantso an'izany ho *ity* na *itsy,* ary fifohazana iray, nefa tsy misy fifohazana ao amin'izany. Marina izany. Misy fahataitairan'ny fihetseham-pom-pivavahana iray eo anivon'ny olona, fa tsy fifohazana.

26 Nanana vondrom-pivavaka iray izy ireo tamin'io andro io. Nanana fahataitairana iray izy ireo tamin'io andro io, nefa nila fifohazana iray izy ireo.

27 Nahoana, ry rahalahy sy anabavy malalako, ny fitondran-tenan'ity firenena ity dia efa lasa tena ambany hany ka hanao ny alika iray ho menatra izany. Hanao alika lava sofina iray ho teramena izany raha afaka nanao an'izany izy, ireo faharatsiam-pitondran-tenan'ny olona! Ny olona, na dia tamin'ireo taona lasa aza, ireo zavatra izay ananantsika, ny—ny nataon'ny firenena, ireo zavatra izay nataon'ny olona! Tsy fahampian'ny vavaka daholo izany.

28 Ny fiangonana fahiny, dia tsy nino ny fampisehoana sarimihetsika, tsy namela ny zanany handeha any amin'ny fampisehoana sarimihetsika izy ireo. Nanalavitra ny fampisehoana sarimihetsika izy ireo. Fa, amin'izao andro izao, nahoana izy ireo no manana mihitsy aza . . . Manana ny fampisehoana sarimihetsika ao an-tranon'izy ireo manokana izy ireo. Ny trano rehetra dia manana televiziona iray.

29 Eo amin'ny toerana izay niheveran'izy ireo fahiny fa ratsy ny misotro labiera, eo amin'ny toerana izay niheveran'izy ireo fahiny . . . an'i John Barleycorn, lehilahy iray malaza ratsy toy ny inona izy. Amin'izao andro izao, enimpolo isan-jaton'ireo mody antsoina hoe Kristiana no manao fiaraham-pisotroana iray indray mandeha isan-taona fara-fahakeliny. Avy eo dia tonga eo amin'ny fetin-kanina goavana iray izy ireo, mandritry ny Krismasy, izay anaovan'izy ireo ny fankalazany. Satria, nanaiky ny fianarana izy ireo haka ny toeran'ny famonjena. Tsy hanao an'izany mihitsy ilay izy.

30 Ny ilaintsika dia fifohazana iray. Mametraka famonosam-pery iray isika, dia manala azy ireny; famonosam-pery hafa iray, dia manala azy ireny, nefa mbola mahita foana fa ao ilay fanaintainana. Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia tsy fahaterahana indray ara-tsosialy, tsy resaka ara-tsaina izany. Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia famindràna Rà amin'ny fanao fahiny iray, nalefan'Andriamanitra avy any An-danitra. Tsy hahavita soa ireo famonosam-pery. Tsy ampy rà isika. Mila famindràna Rà iray isika. Mila miverina any amin'ny Filazantsara fanao fahiny isika izay miantso ny olona ho amin'ny fibebahana eo anatrehan'Andriamanitra. Ary tsy maso maina iray, tsy fanaovana fandraisan-tànana; fa fifohazan'ny Fanahy Masina nalefan'Andriamanitra iray, miaraka amin'ny fananana ny fanadiovan-dRà an'i Jesosy Kristy Tompo ao am-pon'ny olombelona rehetra. Mila fifohazana iray isika hanomboka ao amin'ny Fiangonana, ka hamafa hitety ny firenena. Ho faty isika, ho levona isika, vita ny amintsika, raha tsy misy an'izany karazana fifohazana izany.

31 Tena leo ny mahita an'ireo fifohazan'i Hollywood kely tsy misy dikany ireo aho, mody antsoina, izay andehanan'ny olona ka lasa taitaitra ara-pihetseham-po mandritry ny ora vitsy, ary, na andro iray na roa, na herinandro iray na roa, dia mivoaka ary izay ihany ny amin'io. Rahalahy, ianareo tsy afaka ny ho ao amin'ny . . . taitairin'ny fifohazana iray. Afaka manana fientanam-po ianareo. Afaka manana fikasana tsara ianareo. Tsara daholo ireo zavatra ireo, saingy tsy izany no ilaintsika amin'izao andro izao.

32 Mila ny batisan'ny Fanahy Masina isika, hanova ny fientanam-po, sy ny fahaizana, sy ny fijery, ireo fahazarana, ny fiainan'ny olona, ka mamerina azy ireny indray eo amin'ilay làlana mahitsy. Any ankoatry ny famindràna Rà avy eo Kalvary, dia tsy hahavita soa mihitsy ny fanavaozantsika rehetra.

33 Tsy mila U.N. iray isika. Manana U.N. iray isika any, fa inona no ataon'izy ireo? Tsy antsoina mihitsy ny Anaran'Andriamanitra. Matahotra ny hiantso an'Izany izy ireo. Nanontaniana izany indray mandeha, tamin'ny alàlan'ny vondron'ny mpitondra fivavahana iray hoe, "Nahoana izy ireo no tsy manao vavaka?" Hoy izy ireo hoe, "Mety manafintohina olon-kafa izany, ny iray amin'ireo hafa izay tsy mino an'Andriamanitra."

34 Oh, ny ilaintsika dia fifohazana iray. Tsy manao fahasamihafana eo amin'ny hoe manafintohina an'iza izany, tsy maintsy mitory ny Filazantsara isika ary miantso ny lokontsika hiasa. Marina. Tsy hanome iraimbilanja anareo ho an'ny fandaharana izay namela an'Andriamanitra any ivelan'izany aho, na ny U.N. izany, na ny efatra-matanjaka, na mety ho inona izany.

35 Mandra-pifohan'ity firenena ity ho eo amin'ny toerana, hoe ho faty isika raha tsy manana ny Ràn'i Jesosy Kristy Tompo; mandra-pifohan'ireo isam-batan'olona ho eo amin'ilay—ilay antony, hoe ho faty isika! Ny antony hahafaty antsika, dia tsy manana an'ilay tany am-boalohany, ilay làlana, ilay fanafody, ilay fitsaboana izay nomen'Andriamanitra antsika teny Kalvary.

36 Tsy mahagaga raha manao olona iray hiteramena izany! Tsy mahagaga! Ny tena mpitory teny, marina iray dia mijery eo amin'ny fiangonany ary miezaka mitarika azy ireny eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra. Ary mitsidika ny tranon'izy ireo, dia mahita azy ireo mifoka sigara, mifampiteny vazivazy maloto, mamalifaly ao ambadiky ny tokontany, miaraka amin'ny fetin-dabiera; mandehandeha manerana ny làlambe, ireo vehivavy tanorany, sy antenantenan-taona, sy ny sisa, ary na dia ny renibe mihitsy aza dia manao sorta kely. Reny eny an-dàlambe miaraka amin'ny zazakely iray eny amin'ny sandry iray, miakanjo mitanjaka betsaka mba hisarika ny fifantohan'ny mpanao toaka sandoka izay nandeha

teo amin'ny làlambe; nefa miantso ny tenany ho Kristiana. Hanao lehilahin'Andriamanitra marina rehetra hiteramena izany, mba hitondra olona iray tahaka an'izany eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Marina!

37 Ary ny fikambanantsika amin'ny fiangonana rehetra sy ho lasa kilasy iray tsaratsara kokoa, dia lasa hadalana, ary tahaka an'izany ilay izy tamin'io andro io ary ho izany amin'ity. Ento miverina amin'Andriamanitra izahay, fa tsy miaraka amin'ny fanatsofohana fampianarana iray, tsy miaraka amin'ny fanatsofohana fanavaozana ara-pivavahana, tsy amin'ny fanatsofohana karazana teolojia iray nataon'olona. Fa batisan'ny Fanahy Masina amin'ny fanao fahiny nirahina avy tamin'Andriamanitra, avy any An-danitra, ao amin'ny fahatsapana pentekotista iray mandoro ny toe-panahy. Ary mametraka indray ao anatiny ao an'ilay vatosoa izay nokasain'Andriamanitra ho ao anatiny ao, ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Mandra-panaontsika an'izany, ry rahalahy sy anabavy, dia mbola hanana vehivavy mitapa-bolo, manao lokon-tarehy, mitanjaka jerena foana isika; ary lehilahy misotro, mifoka, nefa miantso ny tenany ho Kristiana; satria tsy mahafantatra tsaratsara kokoa izy ireo. Ao am-pony, dia mipetraka ao ilay tena fakan'ny ara-nofo, fa mila fanadiovana fiangonana iray isika, manomboka any ambany rihana hatrany amin'ny polipitra. Amena. Ary marina izany.

38 Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia mpaminany sasany teramena. Andriamanitra . . . Matetika ny olona dia tonga ao amin'ny laharam-bavaka, mba hivavahana, toy ny hoe mandeha mankao amin'ny trano ratsy laza iray izy ireo. Marina izany. Tonga mba hangataka zavatra iray amin'Andriamanitra, nefa mitovy amin'ny Jezebela iray. Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia fanadiovan-trano iray sy famanana fo iray, avy amin'ireo mpaminanin'Andriamanitra izay hijoro eo amin'ny polipitra ka hamoaka an'ilay zavatra, ary miteny an'izay tsara sy izay ratsy; sy mitory ny Filazantsara tsy manao marimaritra iraisana, hany ka lavo eo amin'ny gorodona ireo mpanota, ary hitomany mandra-pandefan'Andriamanitra ny Fanahy Masina hanadio ny fiainan'izy ireo. Amena. Fantatsika fa marina izany. Marina izany.

39 Nitory aho teto vao tsy ela akory izay ary nilaza fa ny vehivavy rehetra ao amin'ity tanàna ity dia meloka, amin'ny fomba iray na hafa, amin'ny fijangajangana. Meloka izy ireo. Mandeha any an-tanàn-dehibe eto ireo vehivavy ka zara raha afaka hividy akanjo iray izy ireo, raha tsy hoe tena toy ny voaporitra ao anatin'izany izy ireo. Tsy eto aho mba . . . Fiangonako manokana ity. Manana zò hitory an'izay tenenin'ny Fanahy Masina ho toriako aho. Marina.

40 Mamelà ahy hiteny aminareo. Tsy mitsikera anareo aho, ranabavy. Saingy tsy hafa ve no ampianarin'ny Fanahy Masina

anareo? Raha tsy izany, dia matahotra aho fa tsy manana ny Fanahy Masina ianareo. Marina izany. Ny Fanahy Masina dia tsy hoe "mihiakiaka." Ny Fanahy Masina dia tsy hoe "mandihy ao amin'ny Fanahy." Ny Fanahy Masina dia tsy hoe "miteny amin'ny fiteny tsy fantatra." Ny Fanahy Masina dia fahamarinana. Andriamanitra, omeo fifohazan'ny Fanahy Masina iray an'ny fahamarinana nirahin'Andriamanitra izahay.

41 Tsy fantatrareo ve fa rehefa mampiakanjo ny tenanareo tahaka an'izany ianareo ka mandeha eny an-dàlambe, ary mijery anareo amin'ny fomba ratsy ireo lehilahy, fa amin'ny Fitsarana . . . Mety ho madio tahaka ny lisy iray ianareo, eo anatrehan'ny vadinareo. Saingy, amin'ny Fitsarana, dia ho meloka tamin'ny fijangajangana miaraka amin'ilay zalahy izay nampisehoanareo ny tenanareo ianareo.

42 Tsy mahagaga raha hanao olona iray hiteramena Izany! Tsy mahagaga! Inona no ataon'izany amin'Andriamanitra? Nefa, ny Baiboly no nilaza, tany amin'ny voalohany, hoe, "Nampalahelo Azy izany, ny Nanaovany ny olona." Nampalahelo ny fon'Andriamanitra izany, rehefa nijery azy ireo Izy tamin'ny andro talohan'ny fandravan'ny safo-drano, ny hany Nanaovany ny olona. Inona no nitranga? "Hitan'ireo zanakalahin'Andriamanitra fa tsara tarehy ireo zanakavavin'ny olona." Fanimbàna iray izany. Fifangaroana ara-pananahana izany. Izany no zavatra izay nandroaka an'ireo zanak'Andriamanitra avy tao amin'ny sahan'i Edena. Izany ilay zavatra izay nitarika ny fitsaran'Andriamanitra, mba hitondra fiadanana eto ambonin'ny tany. Izany ilay zavatra izay nahatonga azy ireo ho rava. Izany ilay fampifangaroana iray ihany, teo amin'ireo vehivavy sy lehilahy, izay nahatonga an'i Sodoma sy Gomora hilentika tany amin'ny fanambanin'ny Ranomasina Maty.

43 Efa notenenin'ireo mpaminany izany. Efa notenenin'ny Tompo Jesosy izany, hoe, "Tahaka ny tamin'ireo andro ireo, dia ho toy izany koa alohan'ny Fihavian'ny Zanak'Andriamanitra." Mijery isika amin'izao andro izao, ka mahita fa ilay fiangonana dia maka ny modeliny tsy avy ao amin'ny Baiboly, avy amin'i Rota sy avy amin'i Naomy, sy avy amin'i Saraha sy ireo ao amin'ny Baiboly. Fa maka modely izy ireo, na dia ireo vehivavin'ny fiangonana aza, araka ny Hollywood sy ireo tena fitarihan'ny devoly mihitsy.

44 Ary ahoana fa ny vahoakantsika, izay miantso ny tenany ho Kristiana, dia mivoaka eto ka maka ny fomban'io lehilahy ratsy io. Ireo kapilan'i Elvis Presley, na iza no anarany, iray amin'ireo olona voafitaka indrindra, azon'ny devoly izay hany reko teo amin'ny fiainako. Arthur Godfrey sy ny tahaka an'izany, nefa mihaino an'ireo karazana hadalana eo amin'ny radio-nareo; ary mandà ny hihaino ny toriteny ara-Pilazantsara voatory, sy ny

Baiboly. Andriamanitra anie hamindra fo aminareo. Karazana fanahy inona no azontsika eo anivontsika? Marina izany.

45 Tsy mahagaga ilay mpaminanin'Andriamanitra raha teramena teo anatrehan'ny—ny Tompo. Fantany fa tsi-fahamarinana izany. Ary nitsangana izy ka nandahatra an'ilay zava-misy, ary nilaza tamin'Andriamanitra hoe, "Tsy marina izahay."

46 Ary izany isika, ry sakaiza, mandra-pahatongantsika hiverina eo amin'io toeran'ny famindràna Rà io. Ajanòny ny miezaka mametraka famonosam-pery. Ajanòny ny miezaka mametraka fanosotra iray. Tsy afaka ho tonga ny fahasitranana raha tsy marina ilay korian-drà.

47 Izany no antony ahazoan'ny olona ny diabeta. Raha mandratra ny tenany ny iray, dia mety tsy ho sitrana mihitsy izany. Nahoana? Satria lany tanteraka ilay tena selan-drà mena.

48 Ary ilay fiangonana manontolo no lasa diabetika. Ka ny ratra kely rehetra izay tonga, raha tokony handroso, dia tsindroninareo ilay izy. Tsy mety ho sitrana izany. Fitiavan-tena, lian-kanina, tsi-fahamendrehana, ny zavatra hafa rehetra izay ao amin'ny alimanakan'Andriamanitra ho "fanaovan-dratsy," dia ny fiangonana no maka an'ireo fahazarana ireo. Ireo lehilahy misotro, mifoka, miteny vazivazy maloto. Ireo vehivavy manapaka ny volony, manao lokon-tarehy, manao an'ireo karazan-javatra rehetra, mampiakanjo ny tenany tsy mendrika eo anatrehan'ny olona. Ireo zavatra ireo no misy dia satria tsy fahampiana iray avy amin'ny Ràn'i Jesosy Kristy Tompo izany mba hanadio antsika amin'ny tsi-fahamarinana rehetra. Amena. Mety ho mafy izany. Azo antoka, mafy izany, saingy izany no Fahamarinana.

49 Raha tsy manosika an'ireo fitsaran'Andriamanitra tsitoha isika, dia ho tratra ao amin'ny fipoahana atomika iray eto ianareo indray andro any, izay handefa ny fanahy rehetra ao amin'ny Mandrakizay, hihaona amin'Andriamanitra iray izay hahafantatra fotsiny ihany ny Ràn'Ny Zanany, Kristy Jesosy. Tiako ny hahita anareo ho tonga eo ambanin'ilay Rà. Ny toro-hevitro, ho anareo, dia mahitsia amin'Andriamanitra. Ny toro-hevitro ho anareo.

50 Eny, nahoana isika no tsy afaka manana finoana? Nahoana isika no tsy afaka mahazo an'ireo fanasitranana lehibe kokoa noho izay ananantsika? Nahoana isika no tsy afaka manao ny tenantsika ho voaorina mafy? Satria mametraka famonosam-pery isika; satria mametraka fanakonam-pery isika; mametraka silaka ribà. Miezaka mandrakotra an'ilay zavatra isika, raha tokony hilaza fa mila famindràna iray. Tsy manana Rà isika. Tsy manana an'i Kristy isika. Aza mamita-tena ianareo.

51 Aza mamela ny devoly hikapokapoka anareo eo amin'ny soroka, manao hoe, "Eny, mandeha any am-piangonana aho."

52 Ny devoly dia mandeha, ihany koa. Marina izany. Azo antoka fa nandeha izy; nanatona an'Andriamanitra, nandeha tany am-piangonana tany An-danitra; tonga teo anoloan'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra, niaraka tamin'ireo zanak'Andriamanitra, nipetraka niaraka tamin'izy ireo; nanana fifampiresahana tamin'Andriamanitra. Hoy Izy hoe, "Avy taiza ianao?"

53 Hoy izy, "Nitsangatsangana teny, nandroso sy niverina, teny ambonin'ny tany." Tany no nisy azy.

54 Noho izany, dia mandeha any am-piangonana ny devoly. Mikambana amin'ny fiangonana ny devoly. Mihetsika toy ny Kristiana iray ny devoly. Mpamitaka iray izy. Ary raha tsy nihetsika toy ny Kristiana iray izy sy nihetsika toy ny fiangonana iray, dia tsy ho mpamitaka iray izy; tsy nisy olona nety ho voafitaka. Ny zavatra tokana, samihafa tahaka ny mainty sy ny fotsy izany. Mifanohitra izany. Fa Izy. . .Hoy ny Baiboly hoe, "Tena hifanakaiky izany ka hamitaka an'ilay tena Voafidy raha azo atao," io fanahy amin'ny andro farany io. Ry sakaiza, eo isika izao.

55 Izao no fotoana ho an'ireo mpaminanin'Andriamanitra, oh, rahalahy, ho an'ireo mpitory teny, raha izay no hilazanareo azy, manerana ny firenena, hahalavoana amin'ny tavan'izy ireo.

56 Nahoana, na izany aza, misy fiangonana Batista sivy ambin'ny folo tapitrisa. . .Batista sivy ambin'ny folo, raha ny marina, eto Amerika; Metodista telo ambin'ny folo tapitrisa; Loterana iraika ambin'ny folo tapitrisa; Presbyterana folo tapitrisa. Mamindrà fo, eritrereto izany! Ary mankany amin'ny lalao baolina tsy ankitsahatra, mankany amin'ny fanalana andro. Ary ny Alarobia hariva, ary indraindray ny Alahady hariva, dia mijanona any an-trano mba hihaino televiziona sy ny radio, an'ireo kivalavala sy vazivazy fohy ratsy izay sintonin'izy ireo avy any Hollywood. Mitsikasikasina eo amin'ny karazan-javatra tahaka an'izany ny fanahinareo.

57 Nefa, tokony hanana ny Baibolinareo ianareo any ho any, mipetraka eo anatrehan'Andriamanitra, amin'ny lohalikareo, mivavaka ho an'ny fahotan'ilay firenena.

58 Ary meloka miaraka aminareo aho. Efa naka ny fanapahan-kevitro aho. Nohon'ny fanampiana sy ny fahasoavan'Andriamanitra, raha hanome ahy tanjaka hanao an'izany ny Andriamanitsika, dia tapa-kevitra aho ny handroso mankany amin'ilay mariky ny antso avy any ambony ao amin'i Kristy Jesosy, mandra-panafaky ny fahafatesana ahy. Andriamanitra anie ho mpanampy ahy hanao an'izany! "Ampio aho," izany no fivavako. Mahita an'ireo asa, sy mahita an'ireo zavatra izay efa hitako sy hitanareo, nefa miraikiraiky any aoriana, ka lasa tsy ampy rà ara-panahy iray.

59 Ary ity tabernakla ity izay fantatra manerana an'izao tontolo rehetra izao, ity toerana tranovato kely mipetraka eo amin'ny zoron-dàlana ity, Andriamanitra no nanandratra anareo teo anatrehan'ny firenena. Marina.

60 Mieritreritra ny amin'i Davida aho, indray alina, rehefa hoy izy hoe, "Indro aho, mipetraka ao amin'ny trano sedera iray, nefa ny fiaran'Andriamanitro mipetraka ao anatin'ny tranolay." Hoy izy hoe, "Hanorina trano iray ho Azy aho."

61 Natana, ilay mpaminany, nanao hoe, "Ataovy izay rehetra ao am-ponao, satria momba anao Andriamanitra."

62 Tamin'io alina io, dia niseho tamin'i Natana Andriamanitra ka nanao hoe, "Da-. . . Mandehana miteny amin'i Davida hoe, 'Iza moa ianao, ry Davida? Ianao dia. . . Izaho no naka anao avy teo amin'ny fihinanan'ondry iray, avy teo amin'ny fiandrasana ondry. Ary Izaho no nanao anao ho anarana malaza iray, tahaka an'ireo lehilahy malazan'ny firenena.'"

63 Iza no nipetraka teto amin'ity tabernakla kely ity? Zavatra kely tranainy fanary, nolavina nipetraka teo amin'ny zoron'ny Làlana Eighth sy Penn, hany ka zara i Jeffersonville raha nahafantatra an'izay nisy azy, sy ireo olona izay tonga eto. Nefa androany, Andriamanitra, nohon'ny Famindrampony, dia nanandratra anareo ka nanao anareo ho vahoaka malaza iray. Bombay, Inde dia mahafantatra hoe aiza no mipetraka ity tabernakla ity. Durban dia nahafantatra anareo; ireo firenena hafa rehetra ireo. Afrika dia mahafantatra izay misy an'ity toerana ity; Inde, Alemaina, Angletera, Finlande, Soisa, Eropa, Azia, izy rehetra ireo, any amin'ireo nosin'i Thailand, ary any, dia mahafantatra ny rehetra mikasika azy izy ireo. Ary Andriamanitra no nanao antsika ho ohatra iray ho an'ny olona. Koa ny mieritreritra, avy eo, rehefa avy nanao an'izany Andriamanitra, nefa isika mihodina ka mandany andro ao amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, dia lasa tena tsy ampy rà ara-panahy. Nahoana, tokony ho jiron'ny trano izay mipetraka eny ambonin'ny havoana iray isika, labozia iray izay tsy azo afenina. O Andriamanitra! Meloka tahaka ny sisa aminareo aho.

64 Ny tiako lazaina, izaho dia mila—izaho dia mila fibebahana amin'ny fanao fahiny iray, nalefan'Andriamanitra, ary antso iray hiverina amin'Andriamanitra, ka rehefa miditra eo amin'io varavarana io ireo lehilahy sy vehivavy, mitondra tehina, dia hivoaka tsy misy azy ireny izy ireo. Rehefa notarihina eo amin'ny varavarana ny jamba, dia hivoaka mahita izy ireo. Rehefa miditra marenina ny marenina, dia hivoaka handre izy ireo. Rehefa miditra ireo mpanota, mainty sy tandalerin'ny fahotana, dia hivoaka, voasasan'ny Ràn'ny Zanak'ondry. Tsy afaka manao an'izany ve isika? Niantso ny Isiraely Andriamanitra ka nanao azy ireo ho ohatra iray. Niantso antsika Andriamanitra ka nanao ohatra iray, saingy nandiso fanantenana an'Andriamanitra

isika, ary izany no mampiteramena antsika eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

65 Ny mieritreritra an'izany, ireo zavatra izay Nataony ho antsika! Toy ny ahoana no Nanandratany antsika avy tao amin'ilay fihinanan'ondry! Toy ny ahoana no Nampahafantarany antsika, manerana an'izao tontolo izao! Toy ny ahoana no Nanaovany ny zavatra lehibe ho antsika! Ary, kanefa, mandany andro isika, ary mifangaro eo sy mivoaka, ary tsy toy ny tso-po isika. Tsy manana vavaka intsony isika, ary ireo zavatra fotsiny dia, tahaka ny, tsy mandeha tsara. Ary miezaka mametraka fandaharana kely isika, famonosam-pery, mba hanalefaka an'ilay fanaintainana. Tsy afaka manalefaka ny fanaintainana ianareo raha tsy manana ny Rà tsara, manan-karena ao anatiny ao hanasitrana an'ilay zavatra. Marina!

66 Mandratra fery antitra iray ianareo, ary hanao ny tenanareo hahazo diabeta, ka hanala ny tongotrareo izany. Aza miezaka hiala amin'*ity,* sy hihodina amin'*ity,* ka hametraka famonosam-pery iray eo amin'*ity*.

67 Fa ny zavatra hatao dia ny mandeha avy hatrany eo anatrehan'Andriamanitra, ka manao hoe, "Andriamanitra, tsy ampy rà iray aho, ka mila Ny Rànao hanadio ahy amin'ny fahotako rehetra." Izany no fivavako, matoky aho fa izany no anareo.

68 Eritrereto ireo zavatra ireo, ry sakaiza. Indray andro any; mety hitranga haingana alohan'ny misandratr'andro amin'ny maraina izany, tahaka ny mety hitrangany dimampolo taona manomboka androany. Balam-baomba anankiray, iray amin'ireo baomba cobalt na hydrogene dia afaka . . . Eo amin'ny fampiomanana iray ny firenena manontolo.

69 Nahita an'izany tao amin'ny gazety ianareo indray andro izay nangatahan'izy ireo ny siansa, ny pentagone, mba hamaly ny amin'ireo zava-boribory manidina. Tsy angano izany. Tsy zavatra iray eritreretina izany. Tena misy izany. Fahaizana iray izany. Manidina ao amin'ny fiofanan'ny ady izy ireo. Afaka mijanona izy ireo. Afaka manomboka izy ireo. Afaka mijanona izy ireo. Afaka miteny izy ireo. Fahaizana iray izany. Fantatr'izy ireo izany. Mihomehy ny olona. Hoy izy ireo hoe, "Zava-boribory manidina?" maneso an'izany.

70 Saingy fantatrareo ve izay eritreretiko? Jesosy no nilaza, alohan'ny Ahatongavany, fa hisy famantarana eny amin'ny Lanitra ambony. Efa voamarikareo ve? Talohan'ny Nanombohany, nandravany an'i Sodoma sy Gomora noho ireo raharaha ara-pananahan'izy ireo, dia naniraka an'ireo Anjely nankany Izy mba hanadihady an'izany. Tonga teto an-tany ireo Anjely tamin'ny taona vitsy farany. Hita teo anivon'ny olona izy ireo; ny tiako lazaina, ireo olona mahitsy fo voasasan'ny Rà izay mahafantatra an'izany. Nitsangana mihitsy aza izy ireo ka

naka ny sarin'izy ireo. Marina izany. Vatan'Anjely no namangy, nitondra teny nankany amin'ny Ray, hoe nivangongo ny fahotana hany ka zara raha afaka mamiratra ireo kintana. [Mandondòna indimy ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Ny volana . . . Mivembena tahaka ny lehilahy mamo iray miditra amin'ny alina izao tontolo rehetra izao. Marina.

71 Ny fahotana eo anivon'ireo Kristiana, eo anivon'ilay Voafidy! Nivarotra ny fizokiany izy ireo, ho an'ny laza. Ny mpitoriteny dia nanakalo ny Filazantsara tamin'ny fety sosialy iray. Natakalony tamin'ny manan-tsaina ny Filazantsara voasasan'ny Rà tamin'ny fanao fahiny niaraka tamin'ny olona, mba hitoriana ara-pahaizana, resaka momba ny fiarahamonina, ary diso fampiasa ny Filazantsara. Maro amin'izy ireny no nandeha teny amin'ny saha, mitory teny, ary nampiasa ny Filazantsara ho an'ny tombony manokana, mba hahazoana vola. Maro amin'izy ireny no manana toeram-piompiana goavana sy fiara, ary zavatra izay tsy mbola nananan'izy ireo mihitsy, tombony manokana. Tsy ny rehetra; mankasitraka aho fa mbola misy sisa nanamborana iray foana.

72 Tamin'ny andron'i Ezra, rehefa nanomboka nitomany i Ezra, ary niantso mafy sy niteny mafy ny fahotana, dia fantatrareo ve izay nitranga? Ilay voafidy rehetra, izay natoky an'Andriamanitra, dia niangona nanodidina azy.

73 Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia lehilahy sy vehivavy . . . Raha mitory ireo mpitory teninareo, amin'ireo fiangonana ireo, ka hiantso ny fahotana ho "fahotana," ary hiteny mafy an'izany, dia hiangona manodidina anareo mihitsy ilay tena vahoakan'Andriamanitra, ka hijanona miaraka aminareo. Marina izany. Izao no fotoana hiantsoana mafy, sy ilazana hoe iza no iza, manasaraka ny marina amin'ny diso. Hanaiky an'izany ho antsika anie Andriamanitra, mba hananantsika herim-po hanao an'izany.

74 Eritrereto fotsiny izay mety hitranga. Araka ny noteneniko taminareo, mino aho, aninkeo maraina, na nandre olona iray nilaza azy, hoe teo . . . Ny iray tamin'ireo mpandinika izay nandinika; adinoko hoe inona no iantsoanareo azy ankehitriny, ho an'ilay baomba, na ireo fiaramanidina ho avy. Vao tsy ela akory izay, dia nisy fandaharana iray tonga avy tany ho any, hoe niantso an'ireo sambo mpiady goavana izy ireo, niaraka tamin'ny mpanjera baomba haingam-pandeha telonjato niaraka tamin'ireo baomba atomika sy baomba hydrogene nihantona teo ambanin'izy ireo.

75 Vao tsy ela akory izay, tany amin'ny seranam-piaramanidina lehibe tany Shreveport; niova fo ny iray tamin'ireo zazalahy tany tao amin'ireo fivoriana tao amin-dRahalahy Jack. Hoy izy hoe, "Manana an'ireo baomba atomika izahay mihantona ao anatin'ireo tranohevanay."

Hoy aho hoe, "Ianao ve tsy . . . "

76 "Ao anatin'ireo . . . " Ny tiako lazaina dia, "Ao anatin'ireo—ao anatin'ireo fiaramanidina; ary miakatra izahay ka manao fanazarana amin'izy ireny, isan'andro."

Hoy aho hoe, "Tsy matahotra ve ianao?"

77 Hoy izy, "Tsy manana fihatsim-basy izy ireo ao anatiny. Fa tena eo amin'ny fampiomanana izahay, ka ao anatin'ny iray minitra, enimpolo segondra, dia afaka mametraka an'ireo fihatsim-basy ao anatiny ao izahay ary lasa. Ary mameno solika ka vonona, afaka manidina mankany Angletera miaraka aminy izy ireo, eo no ho eo."

78 Ireo tranoheva goavana dia mipetraka ao anatin'ireo ranomasimbe, hatraiza hatraiza. Ary milaza amin'i Rosia izy ireo hoe, "Sahia mandatsaka baomba iray! Mandatsaha baomba atomika iray fotsiny eo amin'ny U.N. na any ho any eo, dia jereo izay mitranga!"

79 Ho inona izany? Izany dia ho fanafihana iray mankany Rosia. Ary raha hanao an'izany izy ireo, ka hanomboka handatsaka an'ireo baomba atomika sy hydrogene ireo, dia hiteraka fihetsehana iray mitohitohy izany izay handoro ny tany ho—ho lavenona iray, hitsonika fotsiny. Fantatrareo, tsy hifanohitra amin'ny Soratra izany na kely aza. "Fa hodorana ny tany, ary ny lanitra, ihany koa." Hodorana ireo atoma an'ny tany.

80 Miaina ao amin'ny andro iray mampidi-doza isika. Miaina amin'ny andro iray izay misy an'ireo olona matahotra mafy isika. Ireo lehilahy malaza, izy ireo dia—matahotra izy ireo hoe iza no hanapoaka an'io baomba io voalohany. Ny baomba voalohany izay miainga, amin'izay fotoana izay ny zavatra manontolo dia miditra ao anatin'ny—ny fifaninanana.

81 Tokony ho fotoana mahasambatra indrindra ho an'ny Kristiana izany. Hiova ireo fotoana. Ho lasa tanora ny antitra. Oh, oadray! Ho levona ny fahafatesana. Tsy hisy intsony ny aretina. Tsy hisy intsony ny fivoriam-bavaka ho an'ny marary. Tsy hisy intsony ny fivoriam-bavaka ho an'ny very. Fa ho tonga Andriamanitra ka haka an'ilay Voafidy avy any amin'ny rivotra efatry ny tany, ka hanangona azy ireo eo ambanin'ny Elany manokana, ary ho velona sy hanjaka miaraka Aminy mandrakizay isika ao amin'Ny Lanitrany.

82 Oh, rahalahy, ranabavy, ry sakaizako, raha tsy niomana ianareo izao hariva izao, dia enga anie ianareo hiomana amin'ity ora ity. Manome fanasana iray ho anareo aho mba hanatona an'i Kristy Jesosy, izao hariva izao, ary handray. Ianareo izay efa nanohitra, ianareo izay mahafantatra fa tsy eo amin'izay tokony hisy anareo miaraka amin'Andriamanitra ianareo, dia manasa anareo aho ho eto amin'ny alitara miaraka amin'ny tenako. Manasa ny tsirairay avy aminareo aho ho tonga eto, ary tsy hilaza fotsiny ihany, fa hijanona eto mandra-panadion'Andriamanitra

ny fanahinareo amin'ny zavatra rehetra izay tsy mitovy Aminy, hany ka afaka hivoaka avy eto ianareo ho olom-baovao iray. Tsy miaraka amin'ny famonosam-pery iray, fa mivoaka avy eto miaraka amin'ny famindràna Rà izay manadio ny ràna reo ka manome anareo Fiainana vaovao sy fanantenana vaovao. Mivoaha miaraka amin'ny batisan'ny Fanahy Masina. Mivoaha, tsy mihiakiaka, tsy mandihy, tsy hoe betsaka . . . Mety tsara ireo zavatra ireo. Ao amin'ny Fiangonana izy rehetra ireo. Ao amin'ny Baiboly izy rehetra ireo. Fa ny resahako dia ny Fanahy Masina, fitiavan'Andriamanitra.

83 Niresaka tamiko ny lehilahy tanora iray indray andro. Ny reniny, vehivavy malala iray. Fantatro ilay vehivavy, nihaona taminy indray mandeha na indroa aho. Ary hoy izy hoe, "Oh, malala," tamin'ny zananilahy, "avia eto, tiako hijery ianao. Manana an'ilay diloilo aho eto an-tànako." Eny, izaho dia manana, ihany koa. Izany dia rehefa tsemboka aho. Ankehitriny, hoy izy, "Manana diloilo aho eto an-tànako." Hoy izy, "Inona no hevitrao amin'izany?"

84 Dia nijery ny reniny ilay zazalahy, ary nanao hoe, "Neny, te-hanontany zavatra iray aminao aho." Tiany hivavaka izy, tiany hivavaka izy mba handehanany akaiky kokoa miaraka amin'Andriamanitra. Hoy izy hoe, "Rehefa tonga eo an-tànanao ilay diloilo, dia nanaisotra ny fahamelohanao rehetra ve izany? Nanome anao fahatsapana mamy niaraka tamin'Andriamanitra ve izany, rehefa ilay diloilo . . . "

"Tsia."

Hoy izy, "Noho izany dia havelako any izany." Izay ilay izy.

85 Oh, izao tontolo izao, izao tontolo izao mpivavaka, ireo vahoaka pentekotista, dia mitady fahalehibeazana. Izao tontolo izao, izao tontolo izao nianatra (mody antsoina), izao tontolo izao ara-anaram-piangonana, dia mitady vahaolana lehibe iray izay ahafahan'izy ireo manatsara kokoa ny anaram-piangonany sy hahazoana mambra amboniny ao anatiny hoe, "iray tapitrisa amboniny," fantatrareo.

86 Ary ireo—ireo firenena dia mitady karazana tafiky ny polisy iray izay afaka hitondra an'izao tontolo rehetra izao ho eo amin'ny lohaliny, ary hitondra fahamarinana.

87 Rahalahy, tsy tonga amin'ny alàlan'ny fahalehibeazana pentekotista izany. Tsy tonga amin'ny alàlan'ireo rafi-pandaminana Protestanta ihany koa izany na amin'ny alàlan'ireo laharam-boninahitra Katolika. Tsy tonga amin'ny alàlan'ireo pentagone ihany koa izany, na famadihana pejy vaovao. Tonga amin'ny alàlan'ny fiainana voatolotra an'i Jesosy Kristy izany, amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina. Ny zavatra rehetra ankoatran'izany, dia diso.

Ndao isika hivavaka.

88 Hangataka ny anabavintsika aho ho tonga eo amin'ny orga eo, ny piano, amin'izao fotoana izao. Raha mbola ao amin'ny vavaka isika, raha mbola manondrika ny lohany ny olona rehetra, ary ny olona rehetra ao amin'ny vavaka. Manontany aho, amin'ity fotoana ity, raha hitsapa ny fanahinareo amin'ny Tenin'Andriamanitra ianareo. Mahitsy ve ianareo?

89 Aorian'ity fotoana ity, araka ny noteneniko taminareo. Manana rafozam-bavy aho mandry any, eo amin'ny toeram-pahafatesana mihitsy. Tsy maintsy mijery azy aho. Eo am-pahafatesana izy. Ireo sakaiza hafa, izay fantatro avy eto, izay vangiako, izay mandry eo amin'ny toeram-pahafatesana, ireo olona izay mipetraka ato amin'ity fiangonana ity. Oh, rahalahy, ranabavy, ianareo dia ho tonga eo, ihany koa. Tsy maintsy ho tonga eo ianareo.

90 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Eny, izaho—fantatro izany, Rahalahy Branham. Mikasa ny hanao an'io zavatra io hahitsy aho, indray andro any." Saingy izany dia mety tsy "indray andro any," ho anareo. Mety ho ity ilay andro tokana.

91 Kely toy ny ahoana no fantatr'ilay lehilahy, tonga avy tany California, nandeha nankany Michigan, indray andro, niaraka tamin'ny vadiny kely teto, namily ny—ny fiara; izy tao anatin'ilay kamiao kely, nandeha nankany amin'ny tranon'izy ireo vaovao. Vao avy nahazo ny fisotroan-dronony avy tamin'ny Navy izy. Ahoana tsara no nahafantarany rehefa niainga izy tamin'io maraina io, angamba avy teo amin'ny seranan-tsambon'ny mpizaha-tany, fa ny vadiny sy ny zazakeliny dia ho razana iray afaka minitra vitsy? Fa, teo ambonin'i Henryville mihitsy tany, dia nifandona tamin'ny fiara fitaterana iray ny fiaran'izy ireo. Ary ilay mpamily dia nanao ny—ny... ny fiarany hiala hitsivalana, saiky, saingy namono an'ilay vehivavy sy ilay zazavavy kely izany. Matoky aho fa nahitsy tamin'Andriamanitra ny fanahin'izy ireo.

92 Herinandro vitsy lasa izay, rehefa nandeha izaho sy Rahalahy Wood teto teo amin'ny fiaramanidina iray izay nianjera tao ambadik'ilay toerana teto, ary nandinika azy ireo nisintona vatan'olona valo potipotika, ka ireo loha sy ranjo ary sandry dia niparitaka nanerana an'ilay toerana. Nalainy ilay vatana, ka nivoaka avy tao amin'ny vatan'ilay lehilahy ireo tsinay; lehilahy tsara iray, angamba, lehilahy malaza iray avy any Chicago. Rehefa niditra tao anatin'io fiaramanidina io ilay lehilahy tamin'io maraina io, dia manontany aho tamin'ny hariva izay nandehanany tany am-piangonana, raha nanana fikasana tsara izy. Nanao antso iray teny amin'ny alitara ve ilay pasitera? Niteny mafy ny fahotana ve izy, ary nanana anjara iray ve ilay lehilahy? Sa nivoaka tahaka ny biby iray izy? Ilay lehilahy ve, teo imason'Andriamanitra, dia zanak'Andriamanitra iray?

93 Eritrereto ireo zavatra ireo, ry sakaiza. Zava-dehibe izy ireo. Tsy hoe zava-dehibe fotsiny ihany izy ireo, fa izy ireo no zava-dehibe indrindra aminareo amin'ity ora ity. Ity no fotoana izay hanapahanareo hevitra ao an-tsainareo. Ity no fotoana izay mety handraisanareo fanapahan-kevitra ny amin'ity fiainana ity, ho an'ny fiainana any aoriana. Enga anie ianareo hanao an'izany raha mivavaka isika.

94 Ray any An-danitra, raha namaky tao amin'ny Baiboly izahay ny amin'izay Nolazainao mikasika ny fahotana, sy ireo izay nanao an'izany nefa tsy niaiky. Fantatray hoe inona no dikan'ny maty nefa tsy mahafantatra an'Andriamanitra. Fantatray izany tamin'ny alàlan'ireo fahatsapan'ny hafa, izay efa hitanay fa lasa. Ireo izay nikasa, ireo izay nametraka an'izany ela loatra. Andriamanitra, ireo izay nilaza nefa tsy nanana an'izay nolazain'izy ireo fa nananany. Ireo izay nihetsika tahaka ny Kristiana, kanefa dia tsy mbola Kristiana iray mihitsy. Ny fiainan'izy ireo no nanaporofo an'izany, ary ny fahafatesany no nanao an'izany ho voaseho.

95 Ankehitriny, Ray, mivavaka aho mba Hitenenanao amin'ny fo rehetra eto izao hariva izao. Ary ny tenako, Tompo, nohon'ny fitavozavozana, ho an'ireo zavatra maro izay azoko natao nefa tsy nataoko, miaiky ny fahadisoako aho. Miaiky an'ireo fahadisoan'ity vahoaka ity aho. Miaiky an'ireo fahadisoan'ity firenena ity aho. Mangataka Anao aho mba hamindra fo, Tompo. Manana zanaka kely telo aho eo ho tezaina. Ary miaina eto izahay eo amin'ny toerana iray mahamay, ary, Andriamanitra, tsy ilaina ny mandositra. Fantatrao ny rehetra mikasika an'izany. Andriamanitra te-hahitsy Aminao aho.

96 Indray andro any, raha tsy ny baomba atomika no mahazo anay, dia ny loza no hahazo. Raha tsy ny loza no mahazo anay, dia aretina iray no hahazo. Misy zavatra iray tsy maintsy hitondra anay. Saingy tena sambatra izahay ny mahafantatra fa misy làlana handosirana iray. "Ny Anaran'ny Tompo dia—dia tilikambo iray, ka ny marina mihazakazaka mankao ary voaaro." Andriamanitra, enga anie ilay sakaiza mpanota, izao hariva izao, zazalahy, zazavavy, lehilahy na vehivavy, hahita an'ilay varavarana misokatra, ilay fanararaotra, ka hihazakazaka eo amin'i Kristy amin'ity ora ity.

97 Ankehitriny raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia misy sasany ve eto, na hisy . . . Fantatro fa misy sasany eto izay te-hilaza, miaraka amin'ny tànana iray mitsangana amin'Andriamanitra hoe, "Menatra ny fiainako aho. Ary izaho—te-hiaiky an'ireo fahadisoako eo anatrehan'Andriamanitra aho, ka hangataka famindrampo." Atsangano amin'Andriamanitra ny tànanareo. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Misy maro aminareo, maro aminareo. Hia. Misy maro aminareo eto, ihany koa, izay . . . Andriamanitra hitahy anao.

98 Maro aminareo eto, izay efa nilaza ny Kristianisma nandritry ny ela be, nefa mahafantatra fa diso tamin'ny fankatoavana an'Andriamanitra ianareo, mahafantatra fa manao an'ireo zavatra izay tsy tokony ataonareo izao ankehitriny izao. Ary mandeha ianareo, tsy miaiky azy ireny, mitsingevina milamina fotsiny miaraka amin'ilay samonta. Mijery an'ilay karazana fandaharana izay tsy tokony ho jerenareo. Mijery an'ilay karazana magazina sy mamaky an'ilay literatiora izay tsy tokony ho vakianareo. Tsy mety amin'ny Kristiana izany. Mihaino an'ireo vazivazy ratsy—ratsy sy maloto ary maharikoriko izay fantatrareo fa tsy tokony henoinareo; ireo lehilahy sy vehivavy. Fantatrareo ireo toerana izay azonareo nitenenana nefa tsy nataonareo izany, ka meloka ianareo, angamba, amin'ny fahotan'ny fanadinoina.

99 Manontany aho raha hanangana ny tànanareo amin'i Kristy ianareo, mba hamindra fo aminareo, ary hamela anareo. Atsangano ny tànanareo. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa tanora; raha mivoaka ilay vehivavy, mba hanatona ny alitara, hiaiky ny azy. Atsangano amin'Andriamanitra ny tànanareo. Andriamanitra hitahy anao. Marina izany, ramose. Marina izany. Andriamanitra hitahy anao. Atsangano ny tànanareo. Fantatrareo fa nanao fahadisoana ianareo.

100 Manontany aho raha manana herim-po ianareo, izao hariva izao, ny hihaona amiko eto amin'ny alitara eto. Ndao isika handohalika manodidina eto ka hanao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo aminay rehetra. Mila Anao izahay." Andriamanitra hitahy anao, ramatoa.

101 Ny mahita an'ireto vehivavy tanora ireto tonga, mitomany, ny fiainana eo anoloan'izy ireo! Eo amin'ny fihaonan-dàlana izy ireo. Voan'ireo fisehon-javatra izy ireo. Inona? Fantatrareo ve, ry lehilahy antitra, fony zazalahy isika, fa ireo zazalahintsika dia tratry ny fakam-panahy impolo noho ny azontsika? Ranabavy, fantatrareo ve fa ny zanakavavinareo dia tratry ny fakam-panahy impolo noho ny azonareo fony ianareo zazavavy iray? Inona no ho azon'ny zananivavy? Jereo ireo zavatra, ireo sary izay lokoin'ny devoly.

102 Oh, toy ny ahoana no ilaintsika hivavaka! Ankehitriny dia hiverina aminareo indray isika. Ry rahalahy, fantatrareo ve fa isika dia tsy mivavaka amin'ny antsasaky ny nivavahan'ireo raintsika akory? Ry pasitera, fantatrareo ve fa tsy mametraka fotoana betsaka ho an'ny lohalitsika isika tahaka ny nataon'ireo pasitera talohantsika? Ry vehivavy, fantatrareo ve fa tsy mampianatra ny zanakavavinareo ianareo, ka mivavaka miaraka aminy amin'ny alina, tahaka ny nataon'ny reninareo taminareo? Noho izany, dia ahoana ny amin'izany, iza no meloka? Meloka isika. Tsy misy làlana eo amin'izany. Meloka isika.

103 Meloka aho. Meloka tamin'ny tsy fanaovana ny asan'Andriamanitra aho, araka ny tokony hataoko. Miaiky an'izany aho, fa diso. Mangataka an'Andriamanitra aho hamindra fo amiko. Mandinika aho eto ka mahita an'ireo fanararaotra izay tsy azoko, noho ireo zavatra tsy misy ilaina azy, zavatra kely, ratsy tsy misy dikany izay tsy midika na inona na inona. Menatra ny tenako aho, amin'ny maha-mpitoritenin'ny Filazantsara eto anatrehanareo. Mibebaka eto anatrehan'Andriamanitra aho, ary mangataka an'Andriamanitra hamela ahy, sy ny fiangonana hamela ahy, nohon'ny fitavozavozana mikasika ny asan'Andriamanitra. Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, sy nohon'ny fanampian'Andriamanitra, izaho dia—izaho dia tsy hihaino an'izany . . . Ny olona tsirairay dia miezaka miteny zavatra iray aminareo mba hatao. Manana fandaharana iray izy ireo. Manana zavatra iray hataonareo izy ireo. Fahadalana. Fantatro ny fandaharan'Andriamanitra; voasoratra eto amin'ny Baiboly eto izany. Ary menatra ny tenako aho amin'ny maha-mpitoritenin'ny Filazantsara. Fanahy iray tapitrisa no azo; tokony hahazo fanahy folo tapitrisa aho. Aty aoriana lavitra aho.

104 Ahoana ny aminareo? Fanahy firy no azonareo hatramin'ny naha-tao amin'i Kristy anareo? Ny Kristianisma dia mandeha avy amin'ny iray mankany amin'ny iray hafa. Fanahy firy no azonareo hatramin'ny naha-Kristiana anareo? Raha tsy mahazo fanahy ianareo, dia meloka ianareo, momba ianareo, nitondra henatra teo amin'ny Fiangonana sy ny Filazantsara ianareo. Olona firy no nentinareo ho an'ny fivoriam-bavaka Alarobia hariva? Raha tsy manao an'izany ianareo, dia tokony ho menatra ny tenanareo eo anatrehan'i Kristy. Meloka ianareo, ka ny toeranareo dia eto amin'ny alitara. Manasa anareo aho hanatona miaraka amiko, ho an'ny fibebahana. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.]

105 Noho izany dia hanondrika ny lohanareo ve ianareo, ary hihazona an'izany hiondrika iray minitra, raha mahatsapa ny fahamelohako aho ka te-hibebaka. Aondreho fotsiny ny lohanareo. [Miala amin'ny polipitra Rahalahy Branham ary mandohalika eo amin'ny alitara—Mpand.]

106 Rainay any An-danitra, miondrika eto amin'ity alitara ity aho ary mangataka famelàna ho an'ny fahotako. Mangataka famelàna ho an'ireo fahotan'ireo izay manodidina ny alitara aho. Mangataka famelàna ho an'ity fiangonana ity aho, ho an'ilay vatana—ho an'ilay vatan'ny mpino eto amin'ny firenena sy iraisam-pirenena. Mangataka famindrampo ho anay aho, izay tena nitavozavoza nikasika an'ireo zavatry ny Fanjakana. Mangataka aho mba Hamelanao anay nohon'ny fahotanay, ary esory ny—ny—ny fahadisoanay. Ary mamelà anay ny amin'ny tena naha-donto saina, nohon'ny fahadonton-tsainan'ny olona. Toy ny ahoana no maha-tsy ampy anay! Toy ny ahoana no

nanaovanay fanazaran-tena ara-batana! Toy ny ahoana no nanaovanay an'ireo zavatra izay tsy tokony nataonay! Toy ny ahoana no nanotanay teo Anatrehanao!

107 Ary amin'ity fivoriana Alahady hariva ity, Ray, mahita an'ilay mpaminanin'ny Baiboly teramena, dia teramena izahay izao hariva izao. Teramena eo Anatrehanao aho, noho ireo fahotan'ny olona. Ny olona, ny fireneko, ny oloko, efa menatra ny amin'izy ireo aho, Tompo. Ny mahita an'ireo ramatoa tanoranay mandeha eny an-dàlambe ary mihetsika amin'ny fomba ihetsehan'izy ireo! Ny mahita ny fijangajangana, ireo lehilahy tanora miaina ao amin'ireo—ireo karazam-piainana rehetra! Mahita azy ireo mijanona any an-trano miala amin'ny fiangonana, ary mamaky an'ireo magazina ratsy izay tsy tokony hovakian'izy ireo! Mijery an'ireo fandaharana tsy voasivana! Mihaino an'ireo vazivazy maloton'i Hollywood! Mihaino an'ilay mozika boogie-woogie an'ny devoly, izay nokotrehin'ireo lehilahy izay ratsy laza sy manana eritreritra maharikoriko, ilay fitaoman'ny devoly, mba hanindrimandry an'ireo asan'ny devoly!

108 O Andriamanitra, menatra ny tenako aho nohon'ny tsy nitenenana mafy tamin'ny fomba tokony nitenenako. O Andriamanitra, esory ny heloko. Mangataka Anao aho hanao an'izany. Mangataka Anao aho hamela an'ireto olona izay eto ireto, aloha, izahay rehetra. Ampio izahay hitsangana avy eo amin'ity alitara ity ho lehilahy sy vehivavy vaovao. Ampio izahay handeha avy eto tahaka ny tokony handehanan'ny Kristiana.

109 Ampio izahay mba "Hanaisotra an'izay mitambesatra rehetra, sy ny fahotana izay malaky mahazo anay, mba ahafahanay mihazakazaka am-paharetana an'ilay hazakazaka izay mipetraka eo anoloanay." Tsy mijery ny televiziona, tsy mijery an'ireo mpanao hatsikan'izao tontolo izao, fa, "Mijery an'ilay Mpanao sy Mpanefa ny finoanay, Jesosy Kristy Tompo, Izay tsy nitandro henatra ny amin'ny hazo fijaliana fa nitondra an'izany ho anay, ary niharitra tany ivelan'ny vavahady, mba Ahafahany manamasina ny olona amin'Ny Ràny."

110 Diovy amin'ny tsi-fahamarinana rehetra izahay, ary raiso izahay ho Zanakao manokana, izao hariva izao, ary raiso izahay ao amin'ity vavaky ny fibebahana ity. Ary omeo anay, Tompo, ny fiadanana sy fifaliana. Ary enga anie ny fandriana rehetra, izao hariva izao, raha mandry izahay, hieritreritra an'ity fivoriana hariva ity, enga anie izahay hieritreritra an'ireo toeran'izao tontolo izao, izay nambaran'ny Baiboly taminay ankehitriny. Enga anie izahay, raha mieritreritra an'izany, ho rakotry ny henatra ny tavanay, ary enga anie Ianao hitondra fiadanana sy fahasambarana ho an'ny fo rehetra. Mibebaka izahay, Tompo, eto Anatrehanao, eto amin'ity alitara ity.

111 Andriamanitra, ampio aho raha mandroso ankehitriny, amin'ny alàlan'ny finoana, ka mivavaka mba ho izany no Sitraponao, ka olona maro, maro, an-jatony maro no enga anie ho azo ho Anao. Ary ampio aho hanana finoana sy herim-po, raha mandroso; tsy hijery olona afa-tsy Ianao, ilay Mpanao sy Mpanefa ny finoanay. Andriamanitra, ekeo izany.

112 Mamelà ny diakona rehetra an'ity fiangonana ity. Mamelà ny pasitera. Mamelà ireo mambra laika, Tompo. Mamelà ny tsirairay avy aminay nohon'ny fahotanay. Mamelà anay, Tompo. Mamelà ny vahiny rehetra ato amin'ny vavahadinay. Ary enga anie izahay hahatsapa ny fiantraikan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainanay, satria manetry tena eo Anatrehanao izahay, izao hariva izao, mibebaka amin'ny fonay rehetra, mba Handraisanao anay sy hanaovanao anay ho olona manetry tena, tony, nohamasinina, manetry tena ho an'ny Asanao. Ekeo izany fitahiana izany, Tompo, eto amin'ny alitara izay misy anay. Omeo izany. Ary manondrika ny lohanay sy ny fonay eo Anatrehanao izahay. Amin'ny Anaran'Ny Zanakao, ny Tompo Jesosy, no angatahanay an'izany. Amena, ary amena.

Anao aho, O Tompo, reko ny Feonao,
Ka miteny ny Fitiavanao ahy izany;
Toy ny ahoana no aniriako hitsangana eo an-tsandrin'ny finoana,
Ka ho voatarika akaiky kokoa eo Aminao.

Tariho aho hanakaiky kokoa, hanakaiky kokoa, Tompo finaritra,
Eo amin'ny hazo fijaliana izay Nahafatesanao;
Tariho aho hanakaiky kokoa, hanakaiky kokoa, hanakaiky kokoa, Tompo finaritra,
Eo amin'ny Lanivohonao sarobidy, mivoa-drà.

113 Manerana ny alitara, izao hariva izao, eo anivon'ireo rahalahiko izay eto amin'ny alitara eto, dia faly aho ny mahita, izao hariva izao, fa saiky ny lehilahy no betsaka noho ny vehivavy. Mazàna, dia ireo vehivavy no mety mora torotoro. Ny fon'izy ireo, misy zavatra mikasika azy ireo, mety mora voakasika nohon'ny maha-vehivavy. Ary izy ireo dia—ramatoa izy ireo, ary afaka mikasika azy ireo ianareo matetika. Saingy tena faly aho ny mahita fa ny Fanahy Masina dia afaka mikasika an'ireo lehilahy, ihany koa, ka mitondra azy ireo eo amin'ny alitara.

114 Ary manontany aho hoe firy aminareo eo amin'ny alitara, izay nandohalika ankehitriny, no mahatsapa fa nanao fanokanan-tena iray ho an'Andriamanitra ianareo, ka hivoaka eto ianareo izao hariva izao, mba hiaina fiainana iray tsaratsara kokoa, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, ka hanao betsaka ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra, sy ho an'ny Antony. Hanangana ny tànanareo amin'i Kristy ve ianareo,

raha manodidina ny alitara ianareo, hanao hoe, "Mino aho fa efa nibebaka aho ankehitriny." Andriamanitra anie hitahy anareo.

115 Firy aminareo ery aoriana ery no mahatsapa fa efa nibebaka ianareo teo amin'ny sezanareo; nahatsapa toy ny hoe te-hanao tsaratsara kokoa ianareo? Andriamanitra hitahy anareo.

Ankehitriny dia ndao isika hitsangana.

116 Ianareo eto amin'ny alitara eto, mitodiha mankany amin'*ity* ilany ity, raha sitrakareo. Ankehitriny, ianareo eto amin'ny alitara eto, atsangano ny tànanareo eo, fa maniry ny vavak'izy ireo ianareo, mba ahafahanareo manohy. Hanangana ny tànanareo mankany amin'ireo ao amin'ny mpanatrika ve ianareo? Eny àry. Ankehitriny atsangano ny tànanareo eto aoriana eto, eto amin'ny alitara eto, fa ianareo dia mety maniry ny vavak'izy ireo, ihany koa. Ka isika dia . . . Hanampy antsika hanao anie Andriamanitra. Enga anie ny Tompo Jesosy hitahy antsika.

Ankehitriny, dia aza adino ny fotoan'ny Alahady hariva.

117 Manana teny iray ho lazaina ve ianao, Rahalahy Neville? [Miresaka amin-dRahalahy Branham Rahalahy Neville—Mpand.] Talata sy Alarobia hariva . . . Aiza no misy an'io trano fiangonana io? [Mamaly Rahalahy Neville.] 1628 West Market, amin'ny Talata sy Alarobia hariva ho avy izao.

118 Ary avy eo ny Sabotsy sy Alahady, dia ho any Madisonville aho, Kentucky, ao amin'ilay efitra malalaka any. Ary avy eo dia hanohy hatrany New York izahay.

119 Ankehitriny, ny antony namelanay anareo hivoaka aloha, dia manana rafozam-bavy iray aho izay tena, tena marary, ary miantso ahy izy ireo. Ankehitriny dia ndao isika . . .

120 Manana teny iray ho lazaina ve ianao, Rahalahy Neville? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Tsia."—Mpand.] Tsy misy na inona na inona.

121 Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny, raha mivavaka isika. Eny àry. Moramora ankehitriny:

Homba anareo anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray! Nohon'ny . . .

Mpaminany Iray Teramena MAG56-1125E
(A Blushing Prophet)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady hariva, 25 Novambra 1956, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A, dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org